grandprof.net

# MALAGASY – VALINY N° I

(Jereo Laza Adina P. 45)

## LAZA ADINA I

1 -a) • Mitaiza ny sain'ny mpiara-belona ny literatiora (Charles Ravoajanahary).

• Ny anjara toeran'ny mpanoratra eo amin'ny firenena iray dia ny mamohafoha ny mpiara-belona aminy tsy ho domelina, tsy ho donto, tsy hataon'ny olona soavaly (Randja Zanamihoatra).

• Ny mpanoratra dia mpitondra hafatra, ary na toetr'andro inona na toetr'andro inona no ahavelomanizany hafatra izany (Randriamiadanarivo).

b) <u>Tôkatôka</u>: Betsimisaraka – Faritra Atsinanana.

<u>Sôva</u>: Tsimihety – Avaratra – Avaratra Andrefana.

<u>Hain-teny</u>: Merina – faritra Afovoany.

2 - • <u>Ohabolana roa mikasika ny «Aina»</u>:

– «Lahy tokana ny aina.»

– «Ny aina Ramangatahiana, ny vola Ramangatadiavina.»

• <u>Ohabolana roa mikasika ny «Tsiny» sy ny «Tody»</u>:

– «Misoko toa oram-panala ny tsiny, an-koditra vao mahangoly.»

– «Ny tody tsy misy fa ny atao no miverina.»

• <u>Ohabolana roa mikasika ny «Anjara» sy ny «Vintana»</u>:

– «Aza miady vintana amin'ny akoho, fa raha ho any an-tsena izy lolohavina.»

– «Iray tampo samihafa, samy manana ny vintany.»

grandprof.net

## LAZA ADINA II

### FAMAKAFAKAN-KEVITRA

Ny amin'ny tsy tokony hanankinana loatra ny fiainana amin'ny anja lahatra ary ny vintana no hevi-dehibe ampitain'ny fanehoan-kevitra ataon mpanoratra sy mpandinika ny fiaraha-monina iray ity. Araka iza hovelabelarina ao amin'ny fizarana voalohany fa mariky ny fahalemen olombelona tokoa ny fampidirana ny anjara, ny lahatra ary ny vintana eo ami fiainany. Ao amin'ny fizarana faharoa indray no hanazavana fa hery tsy a anoharana ireo na inona na inona herin-tsain'ny olombelona. Ho hitantsika amin'ny fizarana fahatelo kosa izay fomba azo na tokony handraisana ny an ny lahatra ary ny vintana amin'izao vanimpotoana iainantsika izao.

Ny Malagasy, amin'ny ankapobeny dia manaiky fa samy hery a amin-Janahary na ny anjara, na ny lahatra na ny vintana ary manam-pahef eo amin'ny fiainan'ny tsirairay.

Ny zavatra voamarika dia izao: samy miezaka ny isam-batan'olona ha izay hahatsara ny fiainany, hampahomby ny zavatra ataony amin'ny herin-tsa ny herim-pony, ny herim-batany rehetra. Raha tojo fahombiazana izay na hain-dRaolombelona ery ny manandratra avo sy ny manindraindra ny fiezaha

Rehefa tsy nety kosa ny natao, tsy misy manaiky ho tompon'andrai ny tsy fahombiazany. Tonga amin'izay ny tenim-pisentosentoana samih «Efa tsy anjara ka atao ahoana e!», na koa: «Tena niangaran'ny vintana Mora dia mora ery ny manilika any amin'ny lahatra, ny anjara sy ny vint kanefa indraindray, na matetika mihitsy aza, nisy kitoatoa tao, tsy amp fanomanana na ny fitandremana na ny fiezahana teo am-perinasa...

Amin'izay lafiny izay dia marina tokoa ny fanamarihan'ity Mpandinika hoe: «Mariky ny fahalemen'ny olona ny fampidirana lava ny anjara, lahatr vintana eo amin'ny fiainana» Tokony ho sahy mijoro ho tompon'andraik amin'izay ataony ny tsirairay. Deraina izy, ankasitrahana raha mety nataony kanefa sahy mandray andraikitra ihany koa ho tompon'an amin'izay tsy mety raha misy tsy fahombiazana.

grandprof.net

Na izany aza, tsy azo hadinoina fa teo amin'ny Malagasy, hery tsy azo anoharana izany anjara, lahatra sy vintana izany. Tsy masina ho azy amin'izao akory ireo, hery ireo, fa noho ilay nihaviany: Andriamanitra Andriananahary, hoy ny Malagasy. «Tolotra fa tsy vokatry ny natao, ary tsy azo lavina na soloina ny anjara, hoy Andriamampihatona ao amin'ny Kabary Betsileo tak. 33... Zanahary no tompon'ny zavatra rehetra, ka izy no mpizara, izy no mpanome».

Araka izany, afaka misafidy ny olombelona ny amin'izay tiany haleha sy izay tokony hataony kanefa tsy mahazo mihoatra any ivelan'ny lahatra sy anjara efa nomanin'ilay Zanahary mpandamina ny zavatra rehetra, tsy maintsy mifanandrify amin'ny vintana efa nataony ho sahaza ny tsirairay. Raha tsy manaraka izay fepetra izay ny sitrapon'ny olona na ny fikasany dia miteny ilay teo mahery: «Fikasana an'olombelona, fa ny didy an'Andriamanitra». Toy izany indrindra ilay ambaran'i Tsiry ao amin'ny «Vakivakim-piainana tak. 74», rehefa mba nokasaina daholo izay noheverina ho mety, natao daholo izay azo natao hahatsaratsara ny fiainana kanefa tsy fahombiazana avokoa no niafarany: «Ny fiainako no efa natao tsy hanjary». Izany hoe izay mihitsy no lahatra, izay no anjarany ka tsy misy azo anoharana intsony.

Sahala amin'izay koa ilay ambaran'i Zefa ao amin'ny «Mikatsaka ny fiadanana»: «Avelao ho any fa efa tsy anjarako! Efa totoim-bintana mihitsy i Zefa! Tsy mety daholo izay atao! Ratsy vintana!». Mbola manindry an'i Tsiry izany koa io vintana io ao amin'ny «Vakivakim-piainana tak. 29», ary tsy rahefa na inona na inona eo anatrehany ny fiezahana sy ny kiry. Vaky vava ilay tovolahy amin'ny farany hoe: «Ny Vintana no tsiniko; izy no nanova ny zotram-piainantsika ho tahaka ireny».

Sarotra ny hilaza hoe olona kamolahy na malemy saina ry Tsiry sy ry Zefa fa manana ny hasiny sy ny heriny tokoa io lahatra, anjara sy vintana io.

Raha izany sy izany àry ny lafiny roa ahafahana mijery ireo karazan-kery ireo, ahoana kosa ny fomba tokony handraisana ny anjara, ny lahatra ary ny vintana amin'izao vanim-potoana iainantsika izao?

grandprof.net

Ny valin-teny voalohany dia azontsika avy amin'ny ohabolana malagasy ihany: «Raha nanao no tsy nambinina, ampisambory fa havana ony. Araka izany, indraindray misy ny anjara ratsy, kanefa tsy tokony hilofika na hiraviravy tanana avy hatrany akory ny olombelona manoloana izany. Afaka mifanolo-tanana ny mpihavana, ny mpiara-miasa, na ny mpiara-monina mba hanarenana ny fahavoazana.

Etsy andaniny, araka ny finoan'ny malagasy tsy voatery ho ratsy foana akory ny anjara, vintana, lahatra. Miverimberina matetika ary mbola fampiasa amin'izao fotoana izao aza ny fitenenana hoe: tsara vintana, anjara tsara...

Fa ny tena marina ihany koa, hoy ny Malagasy hoe: lehilahy tsy boka herintaona, araka izany anjaran'ny tsirairay mihitsy no mihoitra, ny miezaka ny mikiry sy manam-paharetana mba hahazo izay kendrena.

Ny mpivavaka kosa dia miombom-peo amin'i R. P. RAHAJARIZAFY hilaza fa Andriamanitra no tompon'ny hery sy ny fahefana rehetra ka hain ny manova ho tsara na inona na inona tsy mety amin'ny lahatra, ny anjara sy ny vintana. Hoy indrindra mantsy izy ao amin'ny «Filozofia Malagasy tak. 87»: «Amin'ny toniam-piainany faran'izay madinika sy faran'izay vaventy dia indro ny Malagasy fa mahatsiaro sy miantso ny any ambony, mitalaho sy miankina manontolo amin'ilay Tompon'ny lahatra».

Eto am-pamaranana, azo ambara fa matetika tokoa, araka izay voalazan'ity mpandinika iray ity, no ataon'ny olombelona fanilihana ny anjara ny lahatra sy ny vintana, hanafenana ny hakamoana, ny hakanosana na ny tsy fananam-piniavana hihoitra. Na izany aza, hery tena manan-kasina tokoa ireo voalaza ireo satria avy amin-Janahary ka tsy azo atao bontolo fotsiny fiatrehana azy. Samy manana ny safidiny ary ny tsirairay rehefa sendra vintana, ny anjara sy ny lahatra mitongilana: hampiasa ny fahendrena ary ny soatoavina malagasy ve ary hiezaka araka izay azony atao? Sa hitahiry fomba sy ny finoana nentin-drazana, sa kosa hiantoraka amin'ny fivavahana